# Ilay Voa Tsara Nafafy 22 Jona 2018

**22** **Zoma**
jona

**Izay rehetra manatona Ahy *(Jesosy)* sy mandre ny teniko ka mankatò azy, dia ... tahaka ny olona nanao trano izy, izay nihady lalina ary nanisy fanorenana teo ambonin'ny vatolampy ; ary nony tondraka ny rano, dia namely mafy izany trano izany ny riaka, nefa tsy nahahozongozona azy, satria tsara fanorenana izy.** Lioka 6. 47, 48

### Ny fanambadiana (5) : tokantrano miorina eo ambony vatolampy

Ny mpanao trano rehetra dia mahafantatra tsara fa miankina betsaka amin'ny fototra ny hamafin'ny trano. Toy izany koa, raha hanorina tokantrano. Tsy maintsy mihevitra tsara izany ny tanora kristiana, raha vao manomboka mieritreritra fanambadiana. Jesosy Kristy no Vatolampy mafy ; ary zanak'Andriamanitra ihany no tokony ho vadina zanak'Andriamanitra, raha tiana hirindra ny fiaraha-miaina. „Ho tafara-dalana va ny roa, raha tsy efa nifanaiky ?" (Amosa 3. 3). Ny Baiboly dia mampitandrina antsika mba tsy hiray zioga amin'ny tsy mpino (2 Korintiana 6. 14).

Tsy afaka hirindra ny fanorenana tokantrano, raha tsy iray finoana ny olona mifanaiky hivady. Ny fanabeazana ny zanaka, raha omen'Andriamanitra izany, dia aorina amin'ny Tenin'Adriamanitra vakiana sy hazavaina isampotoana (Deoteronomia 6. 7). Ny vavaka no loharanon-ky isanandro, ho an'ny mpivady. Taomin'ny apostoly Petera ny lehilahy mba hikolo fiainan'ankohonana mamparisika hivavaka : „... mpiara-mandova ny fahasoavan'ny fiainana — mba tsy ho voasakana ny fivavahanareo" (1 Petera 3. 7).

Hoy Andriamanitra fahiny, momba ny olony : „Enga anie ka mba hanana fo toy izany izy, hatahorany Ahy sy hitandremany ny didiko rehetra mandrakariva, mba hahita soa izy sy ny tarananany, mandrakizay" (Deoteronomia 5. 26). Io fo tian'Andriamanitra io dia fon'ny lehilahy sy vehivavy sambatra mihaino Azy. Taominy isika hanolo-tena mazava tsara, tahaka an'i Josoa : „Fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Jehovah izahay" (Josoa 24. 15) ; Andriamanitra irery ihany no mahay manome ny hery hahatanterahana izany.